



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA  
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-185

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY TOLO-DALANA LAHARANA FAHA-003-2021/PL «MODIFIANT ET COMPLETANT CERTAINES DISPOSITIONS DE LA LOI N°2011-002 DU 15 JUILLET 2011 PORTANT CODE DE LA SANTE», NATOLOTR'ANDRIAMATOVA VONINAHITSY JEAN EUGENE, SOLOMBAVAMBAHOAKA VOAFIDY TAO AMIN'NY DISTRIKAN'I MORAFENOBE

Fivoriana Faha-27  
Natao ny  
Alarobia 15 Desambra 2021  
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa isany: - ANGELE Solange  
- RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

**FOTOANA:** Alarobia 15 Desambra 2021, tamin'ny 12 ora sy 30 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-003-2021/PL «modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2011-002 du 15 juillet 2011 portant Code de la Santé», natolotr'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Morafenobe.

Nitohy ny Alarobia 15 Desambra 2021, tamin'ny 12 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny Faritanin'Antananarivo no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony, Andriamatoa Filoha ary niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera mba hamaky ny tatitra momba izany.

Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol no nanatontosa izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alarobia faha-24 Novambra 2021 tamin'ny 10 ora, maraina, ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka, ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana ary ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Fiahiana ny Mpiara-belona, nandinika ny Tolo-dalàna laharana faha-003-2021/PL «modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2011-002 du 15 juillet 2011 portant Code de la Santé», natolotr'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Morafenobe.

Andriamatoa RAJAobelina Lova Herizo, Filohan'ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fahasalamambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana,

Andriamatoa isany:

- 1 RAJAABELINA Lova Herizo
- 2 RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
- 3 RAZAKANDRAINNY Henri Dominique
- 4 RAVELOSON Guillaume
- 5 ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
- 6 RANDRIANASOLO Augustin
- 7 TSIKIVY Adrien
- 8 RAHOLIJAONA Harson
- 9 RAMAMONJISOA Rakotonirina John Whary
- 10 FIAROVANA Lovanirina

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana tonga nanatrika ny fivoriana;

Andriamatoa sy Ramatoa isany:

- 1 RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
- 2 EDIZARD
- 3 RABENARY Jean

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Fiahiana ny Mpiara-belona tonga nanatrika ny fivoriana;

Andriamatoa sy Ramatoa:

- 1 RATSIMANDRIONA Aida Hardy
- 2 FIAROVANA Lovanirina

Ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana,

Andriamatoa isany:

- 1 VONINAHITSY Jean Eugène
- 2 RABEKIJANA Solofo Hery
- 3 ANDRIAMIATRIKARIVO James Pierrot
- 4 TSABOTOAKAY Honoré
- 5 RAVONTY Tam Téon Luc
- 6 RALAMBOZAFIMBOLOLONA R. Fetra
- 6 ANDRIANAMBININA Djohary Lee

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta

Ramatoa isany:

- |                            |                  |
|----------------------------|------------------|
| 1 MAHAVANY Nicole          | Dir. DPLMT/MSANP |
| 2 RABENOROHANTA Aina D.    | DAJ/MSANP        |
| 3 RAVELOMAMPIANINA Hoby S. | DAMM/MSANP       |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nanamarika, fa efa nandalo tao amin'ny fivoriambe ny Tolo-dalàna, ka tapaka tamin'izany fa haverina hodinihana indray atỳ amin'ny asam-baomiera mba hisian'ny fifanakalozan-kevitra misimisy kokoa eo amin'ny Farmasiana sy ny «dépôt de médicaments» ary ny mpikambana ao amin'ny Vaomiera.

Rehefa izay, nomeny avy hatrany an'Andriamatoa Solombavambahoaka mpanolotra ny Tolo-dalàna ny fitenenana mba hanazavany ny antonantony mikasika izany.

Nilaza Andriamatoa Solombavambahoaka, fa efa tamin'ny taona 2005 no saika hanolorana ny Tolo-dalàna, fa noho ny zava-misy izay nandalo dia tsy tanteraka izany. Mbola nantitranteriny ihany, fa tokony havela malalaka hiasa ny «dépôt de médicaments» izay efa niorina talohan'ny fahatongavan'ny Farmasia noho izy ireo efa nanao asa fanasoavana ny vahoaka hatramin'izay.

Taorian'izay, natolotr'Andriamatoa Filoha ny teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Fahasalam-bahoaka ny fitenenana.

Nilaza ireo teknisiana fa mahasahana lafin-javatra maro ny “code de la santé publique” ka ilaina ny manavao azy hifanaraka amin'ny zava-misy ka anisan'izany ny fanatsarana ny fahaiza-manaon'ireo “dépositaire de médicaments” sy ny fanavaozana ny fomba fiasan'ireo Farmasiana izay hita ao amin'ny boky faha-3 na «livre 3» ao amin'ny «Code de la Santé publique». Nanolotra tolo-kevitra izy ireo manoloana ny Tolo-dalàna napetraky ny Solombavambahoaka VONINAHITSY Jean Eugène eo amin'ny andininy faha-202 sy 203 ho toy izao manaraka izao:

- **Ny andininy faha-202:**

- Ny andalana voalohany, mamaritra fa ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka no manome fahazoan-dalana “à titre palliatif” ny “dépositaire de médicaments”, ka ferana ho mari-pahaizana bakalorea ny misitraka izany ary nahazo fiofanana avy tamin'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka.
- Ny andalana faharoa vaovao dia mamaritra ireo fanafody azo amidin'ny “dépositaire de médicaments”,
- Ny andalana fahaefatra vaovao, milaza, fa ferana ho 10km miala ny toerana misy ny Farmasia no tokony hanorenana “dépôt de médicaments”. Ireo “dépôt de médicaments” izay efa nitoetra talohan'ny fidiran'ny Farmasia amin'ny toerana iray dia afaka manohy ny asany hatrany.
- Ny andalana vaovao, mampilaza fa ny fivarotam-panafody dia eo ambany fanaraha-mason'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny “Pharmacien inspecteur”.

- **Ny andininy faha-203**

- Ny andalana voalohany vaovao, milaza ny fanakatonana ny “dépôt de médicaments” raha misy ny fadikan-dalàna hita mandritra ny fanatanterahany ny asany.
- Ny andalana faharoa, milaza ny firosoana amin'ny fanatanterahana ny fanakatonana ny “dépôt de médicaments” izay ataon'ireo mpanatanteraka ny didy izay navoakan'ny “autorité administrative”.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fihainoana ireo solotenan'ny Farmasiana sy ireo mpitantana ny "dépôt de médicaments" ny mpivory.

Toy izao manaraka izao no voalazan'ny Farmasiana.

Nilaza izy ireo fa tsy mandà ny fisian'ny "dépôts de médicaments", fa mitsinjo ihany koa ny ho avin'ireo mpianatra nahavita fianarana ho Farmasiana. Ankoatry ny elanelana 10km izay azo iadian-kevitra, nilaza ihany koa izy ireo ny fahavononany hanofana ireo "dépositaires de médicaments" mba hanatsarany ny fomba fiasany. Izany dia tafiditra amin'ny tetik'asa ADO izay manana tanjona ho amin'ny fametrahana ny "dépôt de médicaments" any amin'ny sehatra matianina sy ara-dalàna kokoa.

Ankoatr'izay dia nitondra tolo-kevitra ihany koa ny Farmasiana ka ireto avy izany:

- Fampihenana ho 5 taona ny fanavaozana ny antontan-taratasy fahazoan'ny "dépositaire de médicaments" misokatra;
- Raha tratra ny fetr'isa hanorenana Farmasia ao anatin'ny toerana iray dia akatona ny "dépôt de médicaments" na akisaka amin'ny toerana akaiky izay tsy mbola nisy Farmasia niorina;
- Raha tsy tratra ny fetr'isa dia tazonina ihany ny "dépôt de médicaments" izay efa nitoetra, fa manaja ny elanelana misy eo aminy sy ny Farmasia;
- Famaritana ny atao hoe "Pharmacie de référent", ny fiantsoana azy sy ny andraikitra sahaniny;
- Fanampiana ireo singa vaovao ahafantarana ny "dépôt de médicaments";
- Famerana ny mari-pahaizana ho bakalorea miampy fandratoavana fianarana roa taona eny amin'ny Oniversite ny fahazoana alalana hanokatra "dépôt de médicaments";
- Fanalavana ny fe-potoana fiofanan'ireo "dépositaires de médicaments" eny amin'ireo Farmasiana ho 2 volana ka hatramin'ny herin-taona.
- Fanovàna ny lalam-pamatsiam-panafodin'ireo "dépôt de médicaments" ho any amin'ny Farmasia miandraikitra azy ireo;
- Fanomezan'ireo "Pharmaciens de référent" ny taratasim-piantohana amin'ny fangatahana fisokafana ataon'ireo "dépôt de médicaments";
- Fampidirana ny "avis favorable" omen'ireo holafitry ny Farmasiana nasionaly sy rezionaly eo amin'ny taratasy fisokafan'ny "dépôt de médicaments".

Toy izao kosa ny fanehoan-kevitra nentin'ireo mpitantana ny "dépôt de médicaments":

Nilaza izy ireo fa efa tany amin'ny taona 1939 ka hatramin'izao no nisy ny "dépôt de médicaments" ary miombon-kevitra amin'ny Tolo-dalàna natolotry ny Solombavambahoaka VONINAHITSY Jean Eugène izy ireo.

Nisy fivoriambe nifanaovan'ny "dépositaire de médicaments", ka ireto avy no tapaka tamin'izany:

- Tokony hanana zo hitory any amin'ny fitsarana ny «dépôt de médicaments» raha misy ny fifanolanana aminy sy amin'ny Farmasia;
- Tokony hiara-hiasa ny «dépôt de médicaments» sy ny Farmasia;
- Tsipahina ny fikisahana 10km miala ny Farmasia;
- Tsipahina ny fanaovana ho isaky ny 10 taona ny fanavaozana ny antontan-taratasy fiasanan'ireo «dépôt de médicaments»;

- Tsy maintsy maka alalana avy amin'ny fikambanana «Dépositaire de médicaments» vao afaka manokatra fivarotana vaovao;
- Akatona ireo «dépôt de médicaments» tsy manana didim-panjakana fisokafana aradalàna any amin'ny faritra;
- Ampitomboina ny lisitry ny fanafody azon'ny «dépôt de médicaments» amidy;
- Soratana ao amin'ny didim-panjakana avoakan'ny Minisitera ny «suppléant» ao amin'ireny «dépôt de médicaments» ireny ary omena fiofanana;
- Esorina ao anatin'ny lalàna ny maha «titre palliatif» ny «dépôt de médicaments»;
- Ekena ny lakroa maitso tsy misy bibilava mipetraka eo amin'ny «dépôt de médicaments»;
- Mangataka mari-boninahitra avy any amin'ny Minisitera ny «dépôt de médicaments» izay efa niasa nihoatra ny 10 taona.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

**FANAMARIHANA AVY AMIN'NY SOLOMBAVAMBAHOAKA:**

Miombon-kevitra amin'ny Tolo-dalàna natolotry ny Solombavambahoaka VONINAHITSY Jean Eugène ny Solombavambahoaka satria manaso vahoaka eo amin'ny toerana tsy misy Farmasia izy ireo.

**FANAMARIHANA AVY AMIN'NY TEKNISIANA:**

1. Efa fepetra iraisam-pirenena ny lakroa maitso eo amin'ny Farmasia, ka tsy afaka hanome alalana ny «dépôt de médicaments» hampiasa izany ny Minisitera fa anjaran'izy ireo no mitady loko sy marika ahafantarana azy ireo.
2. Tsy afaka foanana ny fanavaozana isaky ny 10 taona ny antontan-taratasy fisokafana satria izany no ahafahana manara-maso ny fisian'ny «dépôt de médicaments».

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandanianana isan'andinin'ny Vaomieran'ny Fahasalamambahoaka:

- Famelabelarana ny Antonantony: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna;
- Andinin'ny Voalohany: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna;
- Andinin'ny Faharoa: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Nolanian'ny Vaomieran'ny Fahasalamambahoaka tamin'ny endriny tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny Tolo-dalàna laharana faha-003-2021/PL «modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2011-002 du 15 juillet 2011 portant Code de la Santé», natolotr'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Morafenobe, ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 12 ora, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra ny Mpampakatany tamin'ny famakiana ny tatitra, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba izany ny mpivory, avy amin'ny Solombavambahoaka aloha vao ny solotenenan'ny Governemata no manao izany.

Tsy nanana fanamarihana na fanitsiana mikasika ny tatitra ny Solombavambahoaka.

Ramatoa MAHAVANY Nicole, teknisiana ao amin'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka, kosa nanamarika fa misy diso ny anarany ao amin'ny tatitra novakiana teo ka nangataka ny hanitsiana izany.

Rehefa izany, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana ny Solombavambahoaka nanolotra ny Tolo-dalàna.

Nanambara Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, fa noho ny fahitany sy fahatsapany fa misy zavatra tsy rariny sy tsy mifanaraka amin'ny toe-tsaina Malagasy ao amin'ny lalàna mifehy ny fahasalamana no nahatonga azy hanolotra ny Tolo-dalàna. Nomarihany koa, fa tsy rariny raha ny “dépôt de médicaments” efa nipetraka ela tamin'ny toerana iray no tonga dia hesorina fotsiny rehefa tonga ny farmasia izay tsy hahenika ny nosy akory. Tsy tokony hahilika izy ireny satria nanao asa soa teo amin'ny toerana iray nandritry ny taona maro ary nataony asa fivelomana mihitsy aza izany.

Nohamafisiny koa, fa manampy ny Kaominina ambanivohitra ny fisian'ny “dépôt de médicaments” satria maro amin'ireny Kaominina lavitra ireny no mbola tsy ahitana farmasia akory hatramin'izao. Tsy mampaninona ny “dépôt de médicaments” no mipetraka eo akaikin'ny farmasia, fa ity farany no hita fa tsy mazaka fifaninanana sady araka ny voalaza teo, tsy hahenika an'i Madagasikara izy ireo. Raha jerena anefa, tokony ho afaka hiara-hiasa tsara ny roa tonta satria sehatra mitovy no iasany.

Nilaza ihany koa ny tenany, fa tsy rariny raha any amin'ny “ordre des pharmaciens” no mandeha maka fahazoan-dalana hisokatra ny “depositaire de médicaments” kanefa izy ireo manana ny fikambanany ara-dalàna eto amintsika.

Nambaran'Andriamatoa Solombavambahoaka koa, fa ny “depositaire de médicaments” vaovao; izany hoe, izay hisokatra aorian'ny fampiharana ity Tolo-dalàna ity no tokony hotakiana mari-pahaizana bakalorea sy fiofanana manokana ny olona hiandraikitra azy, fa tsy ireo efa niasa taloha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, tamin'ny fanazavana nataony Andriamatoa Filoha, nanambara fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nanome fitenenana ny Solombavambahoaka izay nangataka izany ny tenany.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAKOTONIRINA Jimmy Joe, nilaza fa efa nandalo teto amin'ny Antenimierampirenena ity Tolo-dalàna ity tamin'izao fotoam-pivoriana izao saingy nahemotra ny fandinihana azy mba hanatsarana kokoa ny votoatiny.

Nambarany fa mbola maro ny Distrika no tsy manana farmasia, ka tokony hojerena ny momba azy ireny amin'ny famatsiana fanafody ny vahoaka ao aminy.

Nangataka ny hanamorana ny taratasy ahafahana manao “depositaire” ihany koa ny tenany satria ilain’ny Distrika sy Kaominina any ambanivohitra izy ireny.

Andriamatoa FERNAND Jeannot kosa nilaza, fa fahasalamam-bahoaka no resahana ka tokony ho olona efa matianina sy nianatra momba izany no afaka mivarotra fanafody.

Nambarany koa, fa efa manokatra lalam-piofanana hianaran’ny rehetra ny fanjakana amin’izao fotoana izao, ka tsy tokony hampitoviana mihitsy ireo olona nianatra sy tsy nianatra ny resaka fampiasana fanafody. Raha ampitoviana ireo dia ho rava ny “ordre des pharmaciens”, ka tsy hisy hanara-maso intsony ny fanafody eto Madagasikara. Noho izany, tokony hiala eo amin’ny toerana iray ny “dépôt de médicaments” rehefa misy farmasia tonga eo an-toerana. Izany hoe, tokony mbola hisy fanatsarana ity Tolo-dalàna ity.

Nilaza, Andriamatoa TOVONDRAY Retsanga Brillant De L’or raha nomena fitenenana, fa tsy tokony hisy intsony ny goragora hataon’ny mpivarotra fanafody antsokosoko rehefa mipetraka ity Tolo-dalàna ity.

Nambarany koa fa tsy afaka manao tatitra any amin’ny Minisitery ireo “depositaire”, fa ny farmasia izay vitsy an’isa ihany no manao izany, ka lasa misy tsy fantatra ny tena zavamitranga any amin’ny toerana iray. Marihana fa io tatitra ataon’ny farmasia io no ahafantarana ny trangan’aretina any amin’ny toerana iray ka ahafahana mamatsy ny fanafody ilainy. Izany hoe tsy ampy ny angom-baovao mikasika ny fahasalamana tonga any amin’ny Minisitery satria maro ny Distrika tsy ahitana farmasia fa ny “depositaire” no mamatsy fanafody ireo toerana ireo.

Aminay, tokony holaniana ity Tolo-dalàna ity satria efa nohatsaraina sady mamonjy olona ny fisian’ny “depositaire” hatramin’ny isika miteny izao.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa FIENENA Richard Désiré, nambarany fa mbola maro ny Distrika no tsy manana farmasia araka ny voalazan’ny namana teo, ka tokony havela hiasa aloha ny “depositaire” fa omena fiofanana hanatsarany ny asany satria manavotra ain’olona maro ny fisiany.

Izany hoe, mankasitraka ny handaniana ny Tolo-dalàna ny tenany araka ny nambarany.

Nanao satroka, Andriamatoa RAKOTONIRINA Augustin ary nilaza fa tokony homena fitenenana ny teknisiana avy ao amin’ny Minisitery alohan’ny hidirana amin’ny adihevitra ankapobeny sao misy tiany hambara.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa handray fitenenana aloha ny Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy amin’ny Faritanin’i Fianarantsoa ary aorian’izay ny teknisiana avy ao amin’ny Minisitery vao omena fitenenana.

Nanambara Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, fa maro amin’ny tomponandraikitra eto Madagasikara no tsy mahafantatra ny tena zava-misy marina eto amin’ny firenena. Betsaka koa ny Distrika mbola tsy ahitana farmasia akory eto amintsika, eny na ireo andalovan’iny lalam-pirenena fahafito iny aza, ka hiandry an’iza ny vahoaka amin’ireny toerana ireny hamatsy fanafody azy.



Nambarany koa, fa ilain'ny Malagasy rehetra, indrindra any ambanivohitra, ny fampiharana ity Tolo-dalàna ity satria tsy mitovy amin'ny eto Antananarivo ny zava-misy any amin'ny Distrika lavitra andriana tahaka ny any Ikongo; ny fisian'ny "depositaire de médicaments" ihany no mahavonjy ny vahoaka hatramin'izay, fa tsy farmasia izay vitsy an'isa.

Handany ny Tolo-dalàna izahay na inona hambaran'ny teknisiana avy eo satria tsy hitovy amin'ny any aminay mihitsy ny zava-misy eto andrenivohitra araka ny voalaza teo.

Rehefa izany, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana ny teknisiana avy ao amin'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka.

Nanambara Ramatoa MAHAVANY Nicole, teknisiana ao amin'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka, fa talohan'ny hipetrahan'ny "depositaire" amin'ny toerana iray, efa nambara tamin'izy ireo fa miala ny toerana iasany izy rehefa misy farmasia tonga eo amin'ny manodidina ny toerana ipetrahan'ny. Misitaka 10Km araka ny lalàna efa misy, ka tokony hanaraka izany izy ireo.

Nambarany koa, fa tsy marina ny filazana hoe tsy maintsy any amin'ny "ordre des pharmaciens" no manao fangatahana hanokafana "dépôt de médicaments" ny "depositaire".

Nangataka ny hampiharana ny lalàna manan-kery ihany koa ny tenany satria tombotsoan'ny daholobe raha mianatra momba ny farmasia ny mpianatra, fa tsy miaina amin'ny lovan-tsofina fotsiny, tsy entin'ny fahazarana ihany koa. Izany hoe, ilaina ny fianarany momba ny resaka fanafody sady misy fari-pahaizana takiana ihany koa ny mikasika izany.

Taorian'ny fandraisam-pitenenan'ny tekisiana avy ao amin'ny Minisitera, nisy Solombavambahoaka maro mbola nangata-pitenenana, ka nomen'Andriamatoa Filoha izany izy ireo.

Nanambara, Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, fa efa indroa no nandalo teto amin'ny Antenimierampirenena ity Tolo-dalàna ity ary efa voadiniky ny Vaomieran'ny Fahasalamana tsara, ka tsy tokony hiadiana hevitra be intsony, fa aleo laniana avy hatrany. Nambarany koa, fa tsy rariny raha tonga dia esorina eo amin'ny toerany ireo "depositaire" rehefa tonga ny farmasia kanefa izy no nanao soa sy nanampy ny vahoaka teo nandritry ny taona maro. Tsy azo ekena ny zavatra tahaka izany voalazan'ny teknisiana izany. Lasa zavatra ambony latabatra fotsiny ny anareo, fa aleo holaniana ny Tolo-dalàna.

Ramatoa ANGELE Solange kosa nilaza, fa mbola vitsy amintsika Malagasy no nahita fianarana, ka raha izay fepetra takian'ny Minisitera izay no arahana dia amin'ny taona 2060 vao hisy farmasia handrakotra ny Distrika rehetra eto Madagasikara. Tsy afaka hiandry an'izany anefa ny vahoaka rehefa marary, ka tokony havela hiasa ihany aloha ireo "depositaire" ireo satria manampy ny olona. Tsy mankasitraka ny teny nataon'ny teknisiana teo izahay, fa lanio avy hatrany ny Tolo-dalàna.

Nanao satroka, Andriamatoa DARKHOUÏ Siritsis ary nanentana ny Solombavambahoaka mba handany ny Tolo-dalàna, fa tsy hihaino izay nolazain'ny teknisiana teo satria fitiavan-tena ny

azy ireo, izy ihany no heveriny fa tokony hanao ny asa mikasika ny fanafody. Tsy azo ekena koa izany araka ny voalazan'ny namana teo aloha.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore kosa raha nandray fitenenana, nilaza fa tsy tokony hifanipaka ny farmasia sy ny “dépôt de médicaments” fa afaka miara-miasa tsara. Noho izany, aleo laniana ny Tolo-dalàna fa mety hisy asa hafa hatao aorian'ny fandaniazany azy.

Nambarany koa, fa asa fivelomana ny fanaovana “dépôt de médicaments”, ka tsy rariny, amin'ny maha olona raha esorina amin'ny toerana izay efa nomasahany nandritry ny taona maro izy rehefa tonga ny farmasia. Noho izany, tokony hiara-hiasa izy ireo mba ho tombotsoan'ny vahoaka Malagasy tsy vakivolo. Tsy mety aminay loatra iny teny nataon'ny teknisiana teo iny satria tsy mitsinjo ny vahoaka madinika.

Nilaza, Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice, fa maro amin'ny tomponandraikitra eto Madagasikara no mitomany randrana tsy mendrika azy. Izany hoe, izay zavatra hitan'izy ireo tany ampitan-dranomasina no tiany hampiharina eto amin'ny firenena kanefa samihafa ny zava-misy any andafy sy ny eto an-toerana. Noho izany, nangataka ny handaniazany ny Tolo-dalàna ny tenany mba ho tombotsoan'ny daholobe.

Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa kosa, nanambara fa efa 36 taona no niainany tao amin'ny Distrikan'i Soavinandriana ary “depositaire” foana no namelona sy nanome fahafaham-po ny vahoaka tao rehefa mila fanafody. Noho izany, tsy rariny raha roahana ny “depositaire” izay nanao soa rehefa tonga ny farmasia. Tsy mahavonjy ain'olona ny farmasia, fa ny “depositaire” hatrany no nanao izany hatramin'izay; koa tsy mety raha esorina hiala izy ireo. Aleo laniana ny Tolo-dalàna fa resabe ny an'ny teknisiana teo.

Nanambara, Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin, fa misy lafiny tsara sy lafiny ratsy avokoa ny zavatra rehetra, fa amin'ity Tolo-dalàna ity, ny lafiny tsara no betsaka, koa nanentana ny Solombavambahoaka ny tenany mba handany izany, fa tsy hihaino izay nambaran'ny teknisiana teo.

Andriamatoa PEPIN Michou kosa raha nandray fitenenana, nangataka ny hirosoana amin'ny fandaniazany ny Tolo-dalàna avy hatrany satria mitovy hevitra avokoa ny ankamaroan'ny Solombavambahoaka izay niteny hatramin'izao.

Nanambara, Andriamatoa RAMAROSON Bonaventure, fa ny tanàn-dehibe ihany matetika no ahitana farmasia, fa ny “dépôt de médicaments” no tena mamatsy fanafody ny Distrika ambanivohitra. Noho izany, tsy tokony hahilika izy ireo. Izany hoe, mankasitraka ny handaniazany ny Tolo-dalàna ny tenany.

Andriamatoa TSIKIVY Adrien kosa raha nandray fitenenana dia nanamarika fa lafo loatra matetika ny vidim-panafody any amin'ny farmasia raha oharina amin'ny hita eny amin'ny “dépôt de médicaments”, ka tsy zakan'ny fahefa-mividin'ny vahoaka.

Nambarany koa, fa matahotra fifaninana ny “pharmacien” kanefa milaza fa olona nianatra sy manam-pahaizana. Raha nianatra, tsy tokony hatahotra an'izany, fa aleo hisy ny fifaninana.

Nanao satroka, Ramatoa MICHELLE Bavy Angelica, ary nangataka ny hirosoana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra satria mitovy hevitra ny ankamaroan'ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa BAOFENO Micheline, nilaza fa ny “dépôt de médicaments” no tena mamelona ny Distrika ambanivohitra izay tsy tongan'ny farmasia, ka tokony tsy hahilika izy ireny. Tokony tsy ho hambaniana koa ny olona miandraikitra ny “dépôt de médicaments” fa tena manavotra ain'olona. Tsy tiany loatra ny teny nataon'ny teknisiana teo satria ny tenako izay miteny izao dia olona nahavita fianarana ambony koa. Nambarany fa manohana ity Tolo-dalàna ity ny tenany, ka aleo hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Rehefa izany, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha toa mbola manan-kambara.

Tsy nanan-kolazaina intsony ny solotenan'ny Governemanta, ka nomen'Andriamatoa Filoha fitenenana ny Solombavambahoaka izay nanolotra ny Tolo-dalàna.

Fanentanana ny Solombavambahoaka mba handany ny Tolo-dalàna natolony no nataon'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène raha nandray fitenenana, fa tsy nanan-kambara firy intsony ny tenany.

Taorian'izay, nilaza Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andiny ny mpivory.

Nampahatsiahy ihany koa ny tenany, fa ahitana andiny miisa roa miampy ny famelabelarana ny antonantony ny Tolo-dalàna handraisana fanapahan-kevitra eto.

Famelabelarana ny Antonantony: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 40 no nandany; miisa 2 no nitsipaka ary Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny famelabelarana ny antonantony.

Andiny Voalohany: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 40 no nandany; miisa 3 no nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andiny Voalohany.

Andiny Faharoa: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 41 no nandany; miisa 3 no nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andiny Faharoa.

Taorian'ny fandaniana isan'andiny, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny ny mpivory, ka ny andiny faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no hampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 41 no nandany; miisa 3 no nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa, lany ny Tolo-dalàna laharana faha-003-2021/PL «modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2011-002 du 15 juillet 2011 portant Code de la Santé», natolotr'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Morafenobe.

Rehefa izay, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana ny Solombavambahoaka nanolotra ny Tolo-dalàna raha toa mbola misy tiany ambara.

Fisaorana ny Solombavambahoaka tamin'ny fahalanian'ny Tolo-dalàna no nataon'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène rehefa nandray fitenenana.

Nisaotra ny solotenan'ny Governemanta ihany koa ny tenany nahafoy fotoana niara-nidinika tamin'ny Solombavambahoaka na teo aza ny hevitra tsy nitovizana.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hisy asam-baomiera hiarahana amin'ny Vaomieran'ny Asa sy ny Fananan'asa aorian'izao fivoriambe izao.

Niato tamin'ny 2 ora, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona